Rehefa nivavaka ny Mpaminany (S.A.W), dia namelatra ny tànany ka hita hatramin'ny fotsin’ny lambany eny amin'ny elika

Tatitra azo avy tamin'i Abdollahi Ibn Malik Ibn Bohaina (R.A) niteny hoe : Rehefa nivavaka ny Mpaminany (S.A.W), dia namelatra ny tànany ka hita hatramin'ny fotsin’ny lambany eny amin'ny elika.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Rehefa niankohoka i Mpaminany (S.A.W), dia namelatra ny tànany teo am-piankohofana; ka nosarahany tamin'ny vatany ny tànany tsirairay, toy ny elatra roa, mandra-pahitana ny hafotsin'ny lokon’ny elikany. Izany dia fanitarana ny tànany roa amin'ny vatany sy ny fanalavirana azy amin'ny ankilany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3220